# 2 NY ENTI-MILAZA VOASORITRA

## TANJONA

Manasongadina ny hevitra tiana omen-danja ao amin'ny fehezanteny.

## LESONA HOTADIDINA

Inona no atao hoe **lazaina (L)** sy **enti-milaza (EM)** ao anaty fehezanteny tso-drafitra?

***a. Ny lazaina dia :***

- Izay tsy maintsy miaraka sy mifandray amin'ny EM.

***b. Ny Enti-milaza dia:***

- Ny teny na ny andian-teny ifandraisan'ny teny hafa rehetra ao anaty fehezanteny.
- Ny fototry ny fehezanteny na eo amin'ny hevitra na eo amin'ny firafitra.
- Mitodika amin'ny L ny EM. Koa arakaraka ny L no endriky ny EM.

***d. Ny karazana EM***

Misy karazany araka izany ny Enti-milaza na EM. Arakaraka ny toerany sy ny lanja omena ny Lazaina na L. Misy ny EM voasoritra sy ny EM tsy voasoritra.

### NY ENTI-MILAZA VOASORITRA

Ny antsoina hoe Enti-milaza Voasoritra (EM voasoritra) dia ny EM ao anaty fehezanteny tso-drafitra (TD) ialohavan'ny mpanoritra **ny** na **ilay** ary misy kianteny **dia** manelanelan'ny EM sy ny L.

Ny EM voasoritra dia manasongadina ny hevitry ny L.

*Ohatra :*

**Ny manazava ny lesona dia ny mpampianatra.**

*Tsoa-kevitra*

- Ny hevitry ny EM no asongadina rehefa tsy misy mpanoritra **"ny" manoloana** ny EM ao amin'ny fehezanteny tso-drafitra.

- Ny hevitry ny L no asongadina rehefa misy mpanoritra **"ny" manoloana** ny EM ao amin'ny fehezanteny tso-drafitra.

→ Lasa misongadina ny hevitry ny teny ao amin' ny L rehefa asiana mpanoritra ny EM ka ahitana kianteny **dia ao aorianany**.

## Sahanasa 1

1-Mariho ny EM sy L ao amin'ireto fehezanteny ireto.

F1: Ny manome fanampiana dia ny fanjakana ihany.

F2: Ny miverina an-dakilasy dia ny mpianatra hanao fanadinana.

F3:Ny mihinam-panafody dia ny marary.

2-Mamorona fehezanteny telo ka asongadino ao ny hevitry ny L.

..............................................................................................................

..............................................................................................................

..............................................................................................................

## Sahanasa 2

1- Avereno soratana ireto fehezanteny ireto ka asongadino ny hevitry ny L

- Mamerin-desona ny mpianatra.
- Tsy tafatombina intsony ny mpanala fanadinana.
- Miorina eo an-tampon-kavoana ny trano.
- Mahafinaritra azy ny mijery ny faravodilanatra amin'ny takariva.

2- Andramo omena àry ny paika hamantarana fa voasoritra ny EM ao amin'ny fehezanteny tso-drafitra.

..............................................................................................................

..............................................................................................................

## Sahanasa 3

***Very vakana aho zavavy. Ombay mitady re zavavy!***

Hoentiko aiza ho aho, raha sitrakao? Ny manenji-dresy anie, tsy fanao! Na aiza na aiza misy azy izay, tsy avela raha tsy hitanay!

Raha manim-boahangy, vakana no atohy ; dia manina ny tsy mamangy, ranomaso no ê mijohy. Tsiky keliny tiako indrindra ho aho! Izay samboriko tsy hifindra, ho aho! Fa tsy raraka tsy hita afoy. Fefika mampahory!

Ilay manina toa adala, ny embona tsy afa-miala, ny maso no apitrapitra, ny sento tsy mety ritra. Lamba rovitra nosoloina ; ny fitriatrany nohadinoina ; ilay vakako sarobidy ; tsy atakalo sy tsy amidy!

*Tononkira (ampahany) Odéam Rakoto*

***1- Diniho ireto fehezanteny manaraka ireto :***

F1: Izay manina dia toa adala.

F2: Ny embona dia tsy afa-miala.

F3: Ny maso no apitrapitra.

F4: Ny sento no tsy mety ritra.

***a. Omeo ny firafiny (tso-drafitra ve sa mivadi-drafitra).***

***b. Soraty ny fehezanteny mifamaly rafitra aminy.***

***d. Lazao ny fifandraisan'ny L sy ny EM.***

***e. Tohizo ny famenoana ny ilany amin'ny fafana eto ambany :***

| | |
|---|---|
| Toa adala izay manina. | Ny toa adala dia izay manina. |
| Tsy afa-miala ny embona. | ………………………………… |
| Apitrapitra ny maso. | ………………………………… |
| Tsy mety ritra ny sento. | ………………………………… |

***2- Ampitahao ny fehezanteny hita eo amin'ny tsanganana roa ary omeo ny fanamarihana.***

***3- Omeo ny fanamarihana momba ny mahasamy hafa ny hevitry ny fehezanteny eo amin'ny tsanganana roa.***